REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# PAIKADIM-PIRENENA

## IADIANA AMIN'NY KOLIKOLY

# 2025 2030

> Amin'ny taona 2030 Madagasikara dia ho nosy hanjakan'ny fahitsiana, ka tsy ho sakana ho amin'ny fampandrosoana lovain-jafy intsony ny tambajotran'ny kolikoly sy ny tsy matimanota.

SNLCC - **Dika nohafohezina ofisialy**
©Janoary 2025

## FAMINTINANA

Ny ady amin'ny kolikoly dia napetrak'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika ho laharam-pahamehana amin'ny alàlan'ny fanambarany sy ny fandaharan'asa voarakitra ao anatin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana. Manolotra ny Paikadim-pirenena Iadiana amin'ny Kolikoly vaovao i Madagasikara, izay mamaritra tanjona stratejika sy ny paikady ho entina miady amin'ny kolikoly mandritry ny dimy taona ho avy.

Tao anatin'ny taona vitsy izay, nisy ezaka lehibe nataon'ny Governemanta sy ny sampana rehetra ao aminy mba hampihenana ny kolikoly. Anisan'izany ny fametrahana ny haitao ara-kajy mirindra ho an'ny teti-bolam-panjakana, ny fampiharana fomba fiasa hentitra amin'ny fifantenana masoivoho sy minisitra, ny famongorana ny fotodrafitrasa sandoka izay efa nisy famoahana vola teo amin'ny sehatr'asa foibe sy ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana, ny fandroahana avy hatrany ireo tompon'andraikitra tratra ambody omby nanao kolikoly, ny famoahana lalàna momba ny famerenana ny vola azo tamin'ny fomba tsy ara-dalàna sy ny fametrahana sampan-draharaha manokana amin'izany, ny fampiasana fomba fiasa ara-kajy mirindra amin'ny fitantanana ny mpiasam-panjakana, ny fanavaozana isan-tsehatra toy ny sehatra volamena, ny fanatsarana ny fahazoana angon-drakitra nomerika sy angom-baovao (open data), ny fametrahana fitaovana fakan-tsary (scanner) ao amin'ny seranam-piaramanidina Ivato, ny fametrahana ny fomba «100% scanning» any amin'ny seranan-tsambon'i Mahajanga sy Toamasina, ny fanaovana fanambarana ara-tsolosaina amin'ny fomba famoahana entana (dédouanement), ary ny fisian'ny sehatra « e-hetra » ho an'ny fanambarana ara-ketra.

Taorian'ny fananganana ny Komity Mpitarika ny 01 Martsa 2024, izay tompon'andraikitra amin'ny famolavolana ny Paikadim-pirenena iadiana amin'ny kolikoly, dia nisy dingana lavitr'ezaka natao tamin'ny fanombanana sy ny fakan-kevitra mba hamaritana ny laharam-pahamehana amin'ity SNLCC vaovao ity. Nampiseho ny lanjan'ny ady amin'ny tsimatimanota, ny fangaraharana, ny tamberin'andraikitra, ary ny fanamafisana ny fahaiza-manao eo amin'ny andrim-panjakana rehetra ny fakan-kevitra, mba ahazoana vokatra mahomby amin'ny ady amin'ny kolikoly.

Ny fahombiazan'ny ady amin'ny kolikoly iarahan'ny rehetra dia antoka ho an'ny fanovana lalina ny lafiny ara-toe-karena sy ny ara-piaraha-monina eto Madagasikara ary ny famanafisana ny fitokisan'ny vahoaka ny Fanjakana sy ny andrim-panjakana ao aminy.

Ity SNLCC vaovao ity dia natao hanamafisana sy hanohizana ireo ezaka efa nataon'ny Fanjakana tamin'ny ady amin'ny kolikoly amin' ny sehatra sy ny ambaratonga rehetra. Mampiseho ny fahavononan'ny Fanjakana hanafoana tanteraka ity fahalovana ity ny vinan'ity SNLCC vaovao ity dia ny hanaovana an'i « Madagasikara ho nosy hanjakan'ny fahitsiana, ka tsy ho sakana ho amin'ny fampandrosoana lovain-jafy intsony ny tambajotran'ny kolikoly sy ny tsy matimanota. »

Ny SNLCC 2025-2030 dia mifototra amin'ny tanjona stratejika telo (3), vokatra andrasana sivy (9), ary asa stratejika maro. Hanaraka izany ihany koa ny rafitra fanaraha-maso sy fanaovana tomban'ezaka, izay hamaritana ny fomba fitantanana, fanaraha-maso ary fanombanana, ary koa ny mari-pandrefesana ny zava-bita lehibe.

Taorian'ny fampandaniana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana, sy ho fanatanterahana ny ampahan'ny Andry faha-3 momba ny Fitantanana, dia natomboka taorinan'ny Filankevitry ny Minisitra ny dingana famolavolana ny paikadim-pirenena vaovao izay mifarana amin'ny 2025. Ny SNLCC dia tafiditra ao anatin'ny Andry fahatelo amin'ny PGE ary manohana ireo Andry roa hafa.




**ANDRY 1**

NY LOHARANON-KARENA MIFOTOTRA AMIN'NY OLONA

Laharam-pahamehana voalohany
« Ny fanatsarana ny tondro-pandrefesana ny loharanon-karena mifototra amin'ny maha-olona dia ahafahan'ny firenentsika manatratra ny fandrosoana ara-toekarena maharitra, manomana ny tanora amin'ny fandrasaina andraikitra amin'ny alàlan'ny fanomanana azy ireo amin'ny sehatry ny asa, ary manamafy ny fampidirana ny toekaren'ny firenenantsika amin'ny fifaninanana iraisam-pirenena. »

**ANDRY 2**

NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY FANODINANA ARA-TOEKARENA

Mamokatra eto an-toerana, izany no teny filamatra.
« Mila fandrosoana ara-toekarena matanjaka i Madagasikara ahafahany miady amin'ny fahantrana »

**ANDRY 3**


NY FAHAIZA-MITANTANA

Ifantohana sy hanaovana ezaka ny fananganana fanjakana matanjaka manaja ny soatoavina ara-demokratika sy ny fanatsarana ny fitantanana.

Ho fanajana ny fenitra iraisam-pirenena, ny famolavolana ny SNLCC dia notanterahina araka ny tondro zotra UNODC sy ny fenitry ny Fandaharan'asan'ny Firenena Mikambana momba ny Fampandrosoana (PNUD) momba ny fitantanana mifototra amin'ny vokatra.




Paikady narafitra nanaraka ny tondrozotra iraisam-pirenena ONUDC



Ny paikadim-pirenena dia narafitra araka ireto fanomorana ireto :

- **Ny fampiatiana :** Maro ireo olona manerana ny nosy nandray anjara tamin'ny dingana famolavolana ny paikadim-pirenena, izay nahatratra 365 tamin'ny fakan-kevitra isam-paritra ary 575 tamin'ireo fakan-kevitra isan-dohahevitra 15. Niantoka izany fampiatiana izany ny fakana ny hevitr'ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny avy amin'ny asam-panjakana, ny itsinjaram-pahefana, ny parlemanta, ny sehatra tsy miankina, ny fiaraha-monim-pirenena sy ny olon-tsotra tao anatin'ny famolavolana ity paikadim-pirenena ity.

- **Ny fanomorana GAR** – Fitantanana mifototra amin'ny vokatra sy ny fiovana izay miantefa amin'ny fahafantarana lalina ny olana misy sy ny fototr'izany ara-drafitra na ara-pitondra-tena. Ny sori-dalàna lehibe amin'ity paik'ady ity dia vofaritra amin'ny endrika fiovana na vokatra andrasana. Nampidirina anatin'ity paik'ady ity ny rafitra mpanara-maso sy mpanao ny tomban'ezaka. Io rafitra io dia manome lanja manokana ny tondro mandrefy ny fiantraikany sy mandrara ny fampiasana mitokana ny tondro hetsika amin'ny fandrefesana ny fiovana. Manampy izany ny fampiasana ny foto-kevitra « tamban-jotran'ny mpisehatra mahitsy sy madio » izay ivon'ny paikadim-pirenena. Efa natsangana sy noentanina ny ivon'ny fototra tany amin'ny fakan-kevitra isan-tsokajiny. Efa nohalalinina ny fampiroboroboana ireo ivon'ny fototra ireo mba ho modely amin'ny fanaovana tombana ny fampiroborobona ny tamban-jotran'ny mpisehatra mahitsy sy madio.

- **Ny fanomorana amin'ny fomba famakafakana** : Izany dia miompana amin'ny fametrahana ny toe-javatra, ny olana eo ampanombohana sy ny fanaovana ny tomban'eszaka amin'ny fampiarana ny SNLCC 2015-2025. Ny tanjona stratejika, ny vokatra andrasana sy ny zana-bokatra dia efa mipetraka sy mifototra tamin'ny famahavahana stratejika, izany hoe tamin'ny famantarana ireo toe-javatra fanararaotana/ fanoitra ary ireo hery sy ireo mety ho ambana mifandraika amin'izany.

- **Ny fanamorana miomana amin'ny fitsinjarana isan-tsampana :** Araka ny tolo-kevitra nivoitra tamin'ny fanaovana tomban'ezaka ny SNLCC 2015-2025, ny paikady vaovao dia nisafidy ny ampiditra ity fanamorana ity. Noho izany dia natao laharam-pahamehana ny sampana sy ny sehatra noheverina fa mora andairana sy tena voakasiky ny kolikoly.

## Dingana famolavolana ny SNLCC :

Tapaka tamin'ny fivoriana voalohan'ny Komity Mpitarika ny famolavolana ny paikadim-pirenena vaovao iadiana amin'ny kolikoly ireo dingana telo arahina amin'ny famolavolana ity SNLCC ity :




## Dingana 1 : Tombana

Teo ambany fandrindran'ny Komity Mpitarika, dia natao ny fakan-kevitra voarindra, ny vondrona fifanakalozan-kevitra, ary ny fanadihadiana an-tserasera tamin'ireo mpisehatra ara-panjakana sy tsy miankina ary tamin'ireo Mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola. Dimy ny mason-tsivana nampiasaina tamin'ny tombana: ny maha-zava-dehibe, ny firindrana, ny fahombiazana, ny fahombiazan'ny loharanom-bola ary ny faharetan'ny SNLCC teo aloha.

Ny fandrafetana ny SNLCC vaovao dia tsy maintsy miainga tamin'ny tombana mba hampivohitra ny tena laharam-pahamehana fohy ezaka sy antonony, mba hametrahana ny tanjona sy hanomezana ny lamina araky ny tokony izy ny fampiarana ho hetsika sy fanavaozana kasaina atao.



## Dingana 2 : Fakan-kevitra isam-paritra

Ny fakan-kevitra isam-paritra dia dingana iray tena nilaina nandritra ny famolavolana ity paikadim-pirenena vaovao iadiana amin'ny kolikoly 2025-2030 ity, izay nahafahana nifampidinika sy nanangona tolo-kevitra avy amin'ny mpiara-miombon'antoka isam-paritra, indrindra fa ny manampahefana eo an-toerana, ny fitantanan-draharaham-panjakana, ny Anjerimanontolo, ny firaisamonim-pirenena, haino aman-jery, anjery manontolo, manam-pahaizana ary olom-pirenena. Ny fakan-kevitra isam-paritra dia nifarana tamin'ny famintinana ny zava-bita lehibe, ny tolo-kevitra ary ny laharam-pahamehana amin'ny asa, nohamarinin'ny mpandray anjara.

| | 20 et 21 Aogositra 2024 | 27 - 28 Aogositra 2024 | 29 - 30 Aogositra 2024 | 03 - 04 Septambra 2024 | 03 - 04 Septambra 2024 | 12 - 13 Septambra 2024 |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | Mahajanga | Toamasina | Fianarantsoa | Antsiranana | Toliara | Antananarivo |

### Famintinana ny tolo-kevitra sy ny fanamarihana teny ifotony

- Ny fanafoanana tanteraka ny fitrandrahana sy ny famarotana tsy ara-dalàna ny harena voajanahary, ny ala, ny harena an-kibon'ny tany sy ny fiarovana ary ny fitantanana maharitra ireo harena ireo.
- Ny fanafoanana ny valibotana ho an'ireo mpitoroka.
- Ny fanafainganana ny famoahana didy amin'ireo raharaha eny amin'ny fitsarana.
- Ny fanetsehana indray ireo politika isan-tsehatra amin'ny ady amin'ny kolikoly sy ny fametrahana ny « Cellules Anti-Corruption ».
- Ny fandraisana andraikitra mavitrikan' ireo mpitarika politika sy nentim-paharazana amin'ny ady amin'ny kolikoly.
- Ny fampiharana ny fomba fiasa manara-penitra (standards de service) eo amin'ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana sy ny fitantanan-draharaham-panjakana eny anivon'ny faritra ary ny ady amin'ny fanodikodinam-bolam-panjakana.
- Ny fanamafisana ny fandraisan'andraikitry ny mpisehatra rehetra amin'ny ady amin'ny kolikoly.



## Dingana 2 : Fakan-kevitra isan-dohahevitra

Taorian'ny fanaovana fakan-kevitra isam-paritra, dia nisy dinika niompana tamin'ny lohahevitra manokana miisa 15, natao tamin'ny alalan'ny latabatra boribory mba hanangonana ny hevitry ny manampahaizana sy ny mpisehatra voakasiky ny lohahevitra. Fanavaozana lehibe izany ao anatin'ny famolavolana ny paikadim-pirenena iadiana amin'ny kolikoly na SNLCC. Tsara marihana fa ny fanombanana ny SNLCC 2015-2025, dia nanome tolo-kevitra ny hanitarana ny sehatra sahanin'ny SNLCC vaovao. Ka antony nampidirana :

- Ireo lohahevitra mivoitra eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena toy ny fomba fiasa mifototra amin'ny zon'olombelona, ny lafiny miralenta, ny fampiasana ny hay tao ara-kajy mirindra ary ny sehatry ny fanatanjahantena, miaraka amin'ny fampandraisana andraikitra ny tanora ho fanoitra lehibe hahatrarana ny tanjon'ny fampandrosoana maharitra amin'ny taona 2030 na ODD.
- Ireo lohahevitra mifandraika amin'ny mangarahara, tamberin'andraikitra sy fahafahana mahazo vaovao, fanapariahana fahefana, sy ny satan'ny olom-pirenena (état civil), fitantanana ny lafitany(foncier), fiarovana ny tontolo iainana, ny fanondranana tsy ara-dalàna ny harem-pirenena, ...
- Ireo lahadinika ireo dia nahafahan'ny rehetra nandray anjara tamin'ny famolavolana ny SNLCC, izay niarahan'ny vondron-kery rehetra voakasika (mpisehatra avy amin'ny fanjakana, ny fiarahamonim-pirenena, ny sehatra tsy miankina, ny haino aman-jery, ny mpamatsy vola, sy ny hafa). Izany dia nahafahana nampidta ny fahaiza-manao sy nakàna ny soso-kevitr' izy ireo mba hanamafisana ny famolavolana ny SNLCC sy ny dinam-piaraha-miasa eo amin'ireo mpisehatra.

**01**

Ady amin'ny kolikoly amin'ny alalan'ny fomba fijery mifototra amin'ny zon'olombelona

Fiarovana ny mpitoroka, fahazoana malalaka ny vaovao.

**02**

Fisorohana ny kolikoly eny amin'ny Minisitera / PILCC

Manamafy ny fahaleovan-tena arak'asan'ny STAC, manampy amin'ny famolavolana sy fanatanterahana ny PILCC.

**03**

Ady amin'ny kolikoly amin'ny fiantomorana ny miralenta

Ampidirina ny fiantomorana ny miralenta ao amin'ny SNLCC (Stereotipa, fanohanana ireo niharam-boina, fiarovana).





# 04

Ady amin'ny kolikoly amin'ny fomba mifototra amin'ny fanatrarana ny Tanjon'ny Fampandrosoana maharitra sy lovain-jafy - Fandaharan'asa 2030

Fampanitsiana ny ady amin'ny kolikoly amin'ny tanjona kendren'ny ODD 16.

# 05

Andraikitry ny sehatra tsy miankina amin'ny ady amin'ny kolikoly

Fampihenana ny kolikoly ara-politika sy ny fampanjakan'olom-bitsy ny tombotsoany amin'ny fitantanana ny firenena, fankatoavana ny fenitra (rafitra fitantanana manohitra kolikoly), mampandray anjara ny rehetra.

# 06

Andraikitry ny rafitra ara-pitsarana sy ny rafitra fanaraha-maso amin'ny fanatanterahana ny SNLCC

Esorina ny sakana manome vahana ny tsimatimanota (fangatahana alalana hanenjika...), fanitarana ny fahafaha-mihetsiky ny ARAI, fitondrana fanazavana mikasika ny mpitoroka sy ny fiarovana azy.

# 07

Ny mangarahara, ny haitao ara-kajy mirindra ary ny fampiasana ny angom-baovao ho fitaovana amin'ny ady amin'ny kolikoly

Fampirindrana ny ezaka haitao ara-kajy mirindra (fomba fijery iraisana), fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny mpiasa misahana ny fanangonam-baovao.

# 08

Ady amin'ny kolikoly, fitantanana ny tany ary ny soram-piankohonana

Hazavaina ny andraikitra, foanana ny tambajotran'ny mpanao hosoka, amafisina ny ezaka amin'ny haitao ara-kajy mirindra.

# 09

Ady amin'ny kolikoly, fitsinjaram-pahefana sy fitantana ifotony

Fampiharana ny ady amin'ny kolikoly eny amin'ny faritra, fanamafisana ny fahaiza-manao amin'ny ady amin'ny kolikoly, fizakan-tenan'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana (CTD), fanamafisana ny fitantanana ifotony sy ny fandraisana anjaran'ny olom-pirenena amin'ny raharaham-panjakana.











# 10

Ady amin'ny kolikoly amin'ny fiarovana sy fitantanana ny biby sy zava-maniry arovana sy hazo sarobidy

Fanamafisana ny rafitra fanaraha-maso, fanapariahana ny lalàna sy ny fomba fanao amin'ny tompon'andraikim-panjakana, fanamafisana ny fampiharana ny lalàna.

# 11

Hazo sarobidy sy ny koriam-bola tsy ara-dalàna

Fanatsarana ny fahazoana sy ny fizarana vaovao, fanamafisana ny fiaraha-miasan'ny isan-drafitra sy ny kolontsain'ny fahasahiana, fanatanterahana fanadihadiana ara-bola mahomby sy mirindra, fampiasana ny tekinolojia vaovao sy fiaraha-miasa iraisam-pirenena.

# 12/13

Ady amin'ny kolikoly amin'ny fiarovana sy fitantanana ny harena an-kibon'ny tany /Ady amin'ny kolikoly amin'ny fiarovana sy fitantanana ny jono sy harena an-dranomasina

Fanatsarana ny fampiharana ny fanaraha-maso ireo fepetra takiana, fiaraha-mientan'ireo mpisehatra, fanarahana ny fepetra momban'ny ady amin'ny kolikoly amin'ny zotram-pihariana manokana (volamena, safira).

# 14

Fahitsian'ny mpiasam-panjakana

Fanamafisana ny etika sy ny fahitsiana, fanavaozana ny rafitra ara-dalàna sy ny fitsipika mifandray amin'ny fandraisana mpiasam-panjakana, fitantanana ny mpiasa, fampiroboroboana ny kolontsaina mandala ny fangaraharahana sy ny fepetra famporisihana.

# 15

Ady amin'ny kolikoly sy ny tanora ary ny fanatanjahan-tena

Fanamaivanana ny fombafomba fitondran-draharaha sy ny fanitarana ny ady amin'ny kolikoly any amin'ny fandaharam-pianarana.









## Dingana 3 : Fanoratana, fandravonana sy fankatoavana

Taorian'ny fakan-kevitra isam-paritra sy isan-dohahevitra, ny fanoratana ny paikadim-pirenana dia nahafahana nandravona ireo tolo-kevitra azo sy nandrafetana ny SNLCC. Ny fanoratana azy dia nifototra tamin'ny famahavahana lalina ny fanamby miandry sy ny vahaolana aroso. Ity paikadim-pirenena ity dia mampivohitra izay mampiavaka ny faritra tsirairay ka mifandrindra amin'ny Politikam-panjakana sy fanajana ireo teny nomena eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena eo amin'ny fahaiza-mitantana sy ny ady amin'ny kolikoly.

Ny 28 novambra 2024, nisy fivoriana nokarakaraina namoahana ampahibemaso ny vokatry ny fakan-kevitra rehetra sy ny firafitra ankapobean'ny paikadim-pirenena. Izany fivoriana izany dia nahafahana nanaja ny mangarahana tamin'ny fizotry ny dingana rehetra namolavolana azy ka nandraisan'ireo mpandray anjara rehetra na tamin'ny fakan-kevitra isam-paritra na tamin'ny isan-dohahevitra. Ity no dingana farany tamin'ny famolavolana ny paikadim-pirenena.



Ny Filan-kevitry ny Minisitra, notarihin'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika, dia niroso tamin'ny fankatoavana ara-pomba ofisialy ity paikadim-pirenena ity. Izany dia mampiseho ny finiavana ara-politika avy amin'ny fanjakana hanaja ny teny nomena amin'ny fampiarana ireo fepetra noraisina. Maneho fahavonona ihany koa hanamafisana ny fitokisan'ny olom-pirenena sy ny mpiara-miombon'antoka an'ireo andrim-panjakana.



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

**TATITRY NY FILAN-KEVITRY NY MINISITRA**

*Alarobia 15 janoary 2025 – Lapam-panjakana Iavoloha*


Notanterahina teny amin'ny Lapam-panjakana Iavoloha androany Alarobia 15 janoary 2025 ny Filan-kevitry ny Minisitra, notarihin'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina ary natrehin'Andriamatoa Praiminisitra, Ntsay Christian, Lehiben'ny Governemanta, sy ireo Minisitra isan-tokony.

**I- FAMPITANA AM-BAVA**


**MINISITERAN'NY FITSARANA + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fampitana am-bava momba ny fanolorana ny Paikady Nasionaly ho an'ny ady amin'ny kolikoly eto Madagasikara(SNLCC).** Izany paikady izany dia tafiditra ao anatin'ny politika ankapoben'ny Fanjakana mifototra amin'ny fanjakana tsara tantana sy ny ady amin'ny kolikoly. Tanjon'ny SNLCC dia ny fanafoanana ny tsimatimanota, ny fanatsarana ny fiaraha-miasa eo amin'ireo mpiantsehatra marolafy handravana ireo tambazotrana kolikoly, fampiroboroboana ny fahamendrehana ary famerenena ny fitokisan'ny vahoaka amin'ireo Andrimpanjakana. Ity paikady ity dia arahana planina hanatanterahana azy, miaraka amin'ny fanaraha-maso sy tombana isan-taonan'ireo fivoarana hita. Hisy ihany koa ny fampahafantarana izany paikady izany amin'ny vahoaka sy amin'ireo mpiara-miombon'antoka.

Nambaran'ny Filohan'ny Repoblika fa azo tratrarina tsara ny tanjona Madagasikara anjakan'ny fahitsiana amin'ny taona 2030.




## FIRAFITRA ANKAPOBENY



| Tanjona Stratejika | | Vokatra |
|---|---|---|
| TS 1 : Ho foana ny tsimatimanota | 1.1 | • Omena sazy henjana ireo mpanao kolikoly sy ny heloka mitovy aminy ary ireo mpanao valibotana |
| | 1.2 | • Fantarina ireo harena azo amin'ny tsy ara-dalàna ary giazana amin'ny fomba mahomby |
| | 1.3 | • Esorina ireo sakana manome vahana ny tsimatimanota amin'ny raharaha kolikoly |
| TS 2 : Hamporisihina ny fomba fiasa mampandray andraikitra ny rehetra, ny fandrindrana ny fiaraha-miasa ary ny fiaraha-mientana amin'ny ady amin'ny kolikoly | 2.1 | • Tambajotran'ny mpisehatra mahitsy sy madio misandratra sy mpisehatra amin'ny ady amin'ny kolikoly ny tontolo iainana mirindra, ahitana ny STAC sy ny rafitra mpanaramaso. |
| | 2.2 | • Manana ireo fitaovana ampy hoentina miasa ny SAC sy ny STAC, sady manatanteraka ny asany amin'ny fomba mirindra no mifanara-kevitra amin'ny rafitra mpanara-maso |
| | 2.3 | • Ravaina ny tambajotran'ny kolikoly amin'ireo sehatra 7 natao ho laharam-pahamehana (fitsarana, fahasalamana, fanabeazana, fiarovana, fitantanana ny tany, fitantanana ny volam-panjakana, tanora sy fanatanjahantena) sy zotram-pihariana stratejika fito (fanondranana an-tsokosoko ireo biby sy zava-boahary voaaro, volamena, safira, lavanila, jirofo sy ny jono ary ny harena an-dranomasina) |
| TS 3 : Miroborobo ny kolontsaina mifototra amin'ny fahitsiana ifampizaran'ny rehetra | 3.1 | • Omen-danja ireo mpisehatra mandala ny fahitsiana ary arovana amin'ny tsindry mety hiseho amin'ny endriny maro samihafa |
| | 3.2 | • Modely fakan-tahaka amin'ny lafiny fahitsiana sy fandraisana andraikitra amin'ny ady amin'ny kolikoly ireo tompon'andraikim-panjakana isan'ambaratongany eo amin'ny sehatra nasionaly, isam-paritra, nentim-paharazana, fiaraha- monina ary ny sehatra tsy miankina |
| | 3.3 | • Apetraka ho fomba fiasa fototra eny amin'ny andrim-panjakana, ny asam-panjakana foibe sy any amin'ny faritra, ny rafitra itsinjaram-pahefana sy ny fokontany, ny mangarahara sy ny tamberin'andraikitra |

**Tanjona Stratejika 1 : Ho foana ny tsimatimanota**

Laharam-pahamehana tanterahina: famenoana ny banga ao amin'ny rafitra resaka lalàna amin'ny LCC ary mampifanaraka izany amin'ny fenitra iraisam-pirenena, indrindra indrina, amin'ny alàlan'ny fanazavana ny sehatry ny heloka bevava amin'ny ady amin'ny kolikoly, ny fametrahana fepetra momba ny kolikoly ara-pananahana ary mikendry manokana ireo singa manakana ny fampiharana famaizana.

Ireo vokatra andrasana dia :

1.1. Omena sazy henjana ireo mpanao kolikoly sy ny heloka mitovy aminy ary ireo mpanao valibotana

1.2. Fantarina ireo harena azo amin'ny tsy ara-dalàna ary giazana amin'ny fomba mahomby
1.1. Esorina ireo sakana manome vahana ny tsimatimanota amin'ny raharaha kolikoly.

| Zana-bokatra | Asa maika tokony tanterahina |
|---|---|
| 1.1.1 Lalàna sy rafitra miady amin'ny kolikoly mirindra sy fantatra | • Atsangana ny PAC any amin'ny faritany tsy mbola nametrahana izany ary apetraka ny tribonaly manokana ho an'ny raharahan'ny PAC ao anatin'ny Fitsarana fandravana.<br>• Arindra ny asa eo amin'ny komity mpanolotsaina/fakan-kevitra BIANCO sy ny Fampanoavana PAC.<br>• Ampahafantarina ny daholobe amin'ny fomba rehetra ireo lalàna manankery ao amin'ny LCC ary atao tsapan'ny mpisehatra rehetra voakasik'izany.<br>• Hamafisina ny fiaraha-miasa eo amin'ny mpiara-miombon'antoka amin'ny rafi-pitsarana<br>• Apetraka ny fiaraha-miasa sy fifanampiana ara-pitsarana amin'ireo firenena tandindomin-doza. |
| 1.1.2 Famantarana sy fanasaziana ny trangana kolikoly nohamafisina | • Ampahafantarina ny politika famaizana ao amin'ny LCC ary mila jerena akaiky ny fampiharan'ny mpisehatra rehetra ao amin'ny rafi-pitsarana.<br>• Atsangana ny rafitra fanaraha-maso mba hanombana ny fampiharana ny politika famaizana ataon'ny Mpitsara sy ny Mpisehatra hafa amin'ny ady amin'ny kolikoly.<br>• Omena fiofanana manokana mahakasika ny paik'ady fanaovana famotorana sy fanenjehina ny kolikoly ho an'ireo Mpitsara, OPJ, ireo mpisehatra ao SAC izay mandray anjara amin'ny famotorana mahakasika ny kolikoly. |

| | |
|---|---|
| | • Hamafisina ny fampahafantarana ny andraikitra sy asan 'ireo mpisehatra samihafa miandraikitra amin'ny fikirakirana sy fanenjehana ireo tranganà kolikoly.<br>• Hamafisina ny fiaraha-miasa eo amin'ny rafitra mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana sy ireo manampahefana mahefa amin'ny fitantanan-draharaham-panjakana sy ara-pitsarana.<br>• Hamafisina ny fiaraha-miasa amin'ireo fiarahamonim-pirenena amin'ny alalan'ny famporisihana ny fandraisan'ny olom-pirenena anjara amin'ny fitorohana tranganà kolikoly.<br>• Fampiharana ny tolo-kevitry ny Rafitra mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana. |
| 1.1.3 Paikady fanasaziana ny valibotana voapetraka | • Ampahafantarina sy ampiharina ny lalàna laharana faha 2016-020, andininy faha 36, 58 sy 59 ho fanenjehana ireo mpanao valibotana amin'ireo mpitoroka sy ireo mpisehatra mandalà ny Fahitsiana.<br>• Fenoina ireo fototra iorenan'ny lalàna efa misy momba ny ady amin'ny valibotana.<br>• Tanterahina ny fandaharan'asa fisorohana sy fanasaziana ireo mpamaly botana. |
| 1.2.1 Lalàna sy rafitra misahana ny famerenana amin'ny fanjakana ny fananana azo tsy ara-dalàna mirindra sy fantatra | • Fantarina ireo sakana misy eo amin'ny rafitra ara-dalàna sy andrim-panjakana momba ireo harena azo avy amin'ny tsy rariny (ARAI) ary ampifanarahana amin'ny fenitra iraisam-pirenena.<br>• Hitarina ny sahan'asan'ny ARAI ho an'ireo fandikan-dalana ara- toekarena sy ara-bola.<br>• Hofanina ireo tompon'andraiki-panjakana sy ireo avy amin'ny tsy miankina mahakasika ireo fitaovana ampiasaina sy ny rafitry ny ARAI.<br>• Hampiroboroboana fiaraha-miasa eo amin'ny samy mpisehatra eo anivon'ny RAI (ARAI, SAMIFIN, BIANCO, PAC, OPJ, ary ireo sampandraharaha manokana misehatra eo amin'ny RAI).<br>• Apetraka ny rafitra fizaram-baovao arakajy mirindra ahafahana mifanakalo entina hanangonana sy hizarana angom-baovao mahakasika ny famerenana ny harena azo avy amin'ny tsy rariny eo amin'ny samy mpisehatra ARAI.<br>• Apetraka ny fitrandrahana sy fampiasana ara-drariny ny fanambaram-pananana. |

| | |
|---|---|
| 1.2.2 Famantarana ny harena azo tsy ara-dalàna nohatsaraina | • Hamafisina ny fanadihadiana momba ny fananan-tany mba hamantarana tsara ny fahazoana harena tsy ara-drariny.<br>• Hamafisina ny fiaraha-miasa amin'ireo Fiarahamonim-pirenena amin'ny alalan'ny famporisihana ny fandraisan'ny olom-pirenena anjara amin'ny fanaraha-maso ny fananam-bahoaka, ny fanadihadiana ary ny mpitoroka ny kolikoly.<br>• Atsangana ny fiaraha-miasa mavitrika amin'ireo sampan-draharaha momba ny hetra, ny fadin-tseranana ary ny fananan-tany mba hanamafisana ny fitsirihana ireo harena azo avy amin'ny tsy rariny.<br>• Hamafisina ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena hanatsarana ny famantarana sy famerenana ireo harena azo avy amin'ny tsy rariny lasa any ivelany. |
| 1.2.3 Fanagiazana ny harena azo tsy ara-dalàna nohamafisina | • Hatsaraina ny fampiharana ny fanapahan-kevitry ny OPJ, ny APS ary ny Mpitsara, amin'ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'izy ireo.<br>• Hamafisina ny fahaiza-manaon'ireo mpiasam-panjakana tompon'andraikitra amin'ny fampiharana didy momba ny fanagiazana eo anivon'ny andrim-panjakana mikirakira vola, ny mpandraharaha amin'ny fifandraisan-davitra ary ny fananan-tany.<br>• Ampiharina ny politika famaizana miompana amin'ny famerenana ny harena azo avy amin'ny tsy rariny ary fampidirana ao anatin'ny lalàna ny fanambaran'ny mpitsara momba ireo sazy fanagiazana.<br>• Apetraka ny rafitra ara-dalàna sy mangarahara mifandraika amin'ny fepetra momba ny fitsinjarana sy fitrandrahana mba ho tombontsoan'ny fananana iombonona sy vola tafaverina anaty kitampo-bola.<br>• Ampiharina rafitra andraisan'ny fiarahamonim-pirenena anjara momba ny fanapahan-kevitra amin'ny fitsinjarana ny fananana voaverina, hiantohana ny filàn'ny renivohitra sy any amin'ny faritra.<br>• Arahina ary tombanana ny vokatry ny asa famerenana ny vola niodina ao anaty kitampom-bolam-panjakana niainga tamin'ny tetikasa namoaham-bola sy sehatra notsongaina manokana. |
| 1.3.1 Ny fototra iorenan'ny lalàna mahakasika ny tsimatimanota sy ny tombontsoa manokana dia mazava ary hajain'ny rehetra. | • Ampahafantarina sy entanina ireo olo-manan-kaja sy tompon'andraikitra ambony, solontenam-panjakana, olom-boafidy, mpitsara, OSC ary ny vahoaka momba ny foto-kevitry ny lalàm-panorenana mifehy ny tsimatimanota sy ny tombontsoa manokana, izay |

| | |
|---|---|
| | maningana amin'ny fitsipiky ny fitoviana eo anatrehan'ny lalàna sy ny fitsarana. |
| 1.3.2 Mazava sy nohatsaraina ireo lalàna sy fitsipika mifehy manodidina ny resaka tsimatimanota sy tombontsoa manokana ary fahazoan-dalana manenjika. | • Atsangana ny Komity adhoc handinika ireo olana mifandraika amin'ny fiarovana tombontsoa manokana.(Andraikitra sahanina amin'izany: fifanakalonza-kevitra momba ny tombontsoa azo raha hihazonana ny tsimatimanota sy ny tombontsoa manokana, ampifanarahana ny lahatsoratra mifanohitra, ny fepetra mifandraika amin'ny tsimatimanota, ny fangatahana fahazoan-dàlana hanao fanadihadiana, ny fampidirana fe-potoana henjana amin'ny famaliana, rehefa mangina ny fitantanan-draharaham-panjakana, fanamorana ny fahazoan-dalana hanenjika mba hisorohana ny fahamaizana amin'ny fangatahana torohevitra, fametrahana rafitra/paikady mahomby hahazo ny fahazoan-dalana manenjika ny PAC any amin'ny ministera, fanairana ny tompon'andraikitra ambony mba tsy hanararaotra ny tsimatimanota. |
| 1.3.3 Fanamafisana ny fiaraha-miasa amin'ny fiarahamonim-pirenena amin'ny fijerena ireo tranganà kolikoly manome vahana ny tsimatimanota sy ny tombontsoa manokana | • Alamina ny fandaharan'asa fampahafantarana sy fiaraha-miasa eo amin'ny fitsarana, ny OSC ary ny haino aman-jery momba ny fampiharana ny lalàm-panorenana mifehy ny tsimatimanota sy ny tombontsoa manokana. |

**Tanjona Stratejika 2 : Hamporisihina ny fomba fiasa mampandray andraikitra ny rehetra, ny fandrindrana ny fiaraha-miasa ary ny fiaraha-mientana amin'ny ady amin'ny kolikoly**

Ireo vokatra andrasana dia :

2.1 Tambajotran'ny mpisehatra mahitsy sy madio misandratra sy mpisehatra amin'ny ady amin'ny kolikoly ny tontolo iainana mirindra, ahitana ny STAC sy ny rafitra mpanaramaso.
2.2 Manana ireo fitaovana ampy hoentina miasa ny SAC sy ny STAC, sady manatanteraka ny asany amin'ny fomba mirindra no mifanara-kevitra amin'ny rafitra mpanara-maso
2.3 Ravaina ny tambajotran'ny kolikoly amin'ireo :
a) sehatra 7 natao ho laharam-pahamehana : fitsarana, fahasalamana, fanabeazana, fiarovana, fitantanana ny tany, fitantanana ny volam-panjakana, tanora sy fanatanjahantena
b) zotram-pihariana stratejika fito : fanondranana an-tsokosoko ireo biby sy zava-boahary voaaro, volamena, safira, lavanila, jirofo sy letisy ary ny jono miaraka amin'ny ny harena an-dranomasina

| Zana-bokatra | Asa maika tokony tanterahina |
|---|---|
| 2.1.1 Fahaiza-manao ny vondrona miady amin'ny kolikoly nohamafisina ary ny fandrindrana nohatsaraina | • Velomina sy hampiroboroboana ireo Vondrona efa mafy orina ka nandray anjara fototra tamin'ny dingana famolavolana ny SNLCC (Komity mpitarika, fakan-kevim-paritra, fakan-kevitra isan-dohahevitra), makany amin'ny fivoaran'ny fiaraha-monina.<br>• Havondrona sy hitarina ireo fikambanana miady amin'ny kolikoly sy Tambajotra mandalà ny fahamarinana ny fahitsiana.<br>• Hamafisina sy tohanana ireo vondrona, ONG sy ny fikambanana hafa rehetra amin'ny ezaka ataony amin'ny fanentanana sy fandraisana andraikitra amin'ireo olona manohitra ny fiovana mba hampidirana azy ireny amin'ny hetsika LCC.<br>• Apetraka ny fandaharan'asa ahitana mpitarika manana traikefa sy efa za-draharaha mizara ny fahaiza-manaony amin'ireo mpikambana amin'ny fikambanana.<br>• Hamafisina ny fahaizan'ny mpanao gazety mpanao fanadihadiana lalina. |
| 2.1.2 Fanentanana nampitomboana ary fandraisan'andraikitry ny olom-pirenena nohamafisina | • Hamafisina ny fahaizan'ny mpanao gazety mpanao fanadihadiana lalina.<br>• Ampiharina ny fomba fiasa mirona makany amin'ny fiovan'ny toe-tsaina (*Behavioural Change*) amin'ny fampiroboroboroana ny fahitsiana.<br>• Entanina sy hamporisihina ny fandraisanana anjara mavitrika ny olom-pirenena amin'ny ady amin'ny kolikoly, anisan'izany ny tanora.<br>• Entaninana ny olom-pirenena momba ny maha zava-dehibe sy ny tokony hankatoavana ny tompon-daka'ny fahitsiana. |
| 2.1.3 Tambajotran'ny olona mandala fahitsiana miroborobo sy voatohana | • Mampihatra fandaharan'asa izay mamafa ny fomba fijery manilika ireo izay mandalà ny fahitsiana amin'ny asam-panjakana, ao anatin'izany ny sehatry ny fitsarana.<br>• Mametraka tendro ho an'ny fahitsiana, tandro Hasina, fangaraharana sy ny fandraisana andraikitra ao anatin'ny fitantananana ny asam-panjakana.<br>• Atsangana ny rafitra fanaraha-maso entina hanombanana tsy tapaka ny fanarahana ny fampiharana ny fahitsiana. |

| | |
|---|---|
| 2.2.1 Ampy fitaovana hanatontosany an-tsakany sy andavany ny iraka nampanaovina azy ny SAC, ny STAC ary ny rafitra mpanara-maso rehetra. | • Tombanana ny fomba fiaraha-miasa eo amin'ny STAC sy vondrona mpanara-maso, ireo mpadinikana manokana eo anivon'ny STAC ary ny SAC.<br>• Atsangana ny rafitra fandrindrana sy fiaraha-miasa eo amin'ny SAC, STAC ary ny rafitra fanaraha-maso sy ny mpandinikana manokana.<br>• Angonina ny filan'ny SAC sy ny STAC ary omena azy ireo izay ilaina, na resaka fitaovana, tompon'andraikitra hisahana asa, teti-bola sy fitaovana entina hanatanterahana ny PILCC.<br>• Hamafisina ny fahaleovantenan'ny asa sahanin'ny STAC amin'ny alàlan'ny rafitra fandraisana mpiasa sy fanamafisana ny maha anatin'ny rafim-panjakana azy. |
| 2.2.2 Fandrindrana ireo mpisehatra amin'ny ady amin'ny kolikoly eny anivon'ny asam-panjakana nohamafisina | • Apetraka ny Paikady sy drafitr'asa ara-tserasera entina iadiana amin'ny kolikoly.<br>• Ampandehanina ny rafi-pitantana sy ny SCE an'ny SNLCC ary ny Paikady sy drafitr'asa ara-tserasera.<br>• Tohanana sy ampaharetana ny fifanakalozana vaovao sy fiaraha-miasa eo amin'ny SAC sy ireo sampana miandraikitra ny fanaraha-maso anatiny sy ny fanaraha-maso eo anivon'ny minisitera (Task force).<br>• Tohanana ny ministera isan-tsokajiny amin'ny famolavolana, fampiharana ary fanaraha-maso ny PILCC.<br>• Apetraka ny paikadin-tserasera mahomby ho an'ny raharaha kolikoly saro-pady.<br>• Hofanina sy entanina ireo mpisehatra eny an-kianja momba ny lohahevitra miavaka ho an'ny olona amin'ny seha-pihariana hafa (karazana harena voajanahary voatanisa ao amin'ny fanazavana fanampiny CITES sy ny fomba fiasa ara-barotra, famotsiam-bola, kolikoly, RAI).<br>• Apetraka ny rafitra fanaraha-maso sy fanombanana ny SNLCC.<br>• Entohana ny hisian'ny fomba fitantanana stratejika ny SNLCC. |
| 2.3.1 Fahafantarana ireo tambajotran'ireo ahiana ho mpanao kolikoly anatin'ny sehatra anjakan'ny kolikoly voarafitra sy havaozina tsy tapaka | • Amafisina ny fitsipika ary ampiroboroaboana ny rafitra hanamora ny fandravana ny tambajotra (Fantarina ireo tompona orinasa, ireo olona manana petra-bola amin'ny orinasa, fanambaram-pananana, sns.). |
| 2.3.2 Fomba fanangonambaovao mitohy sy | • Hamafisina ny fifandraisana arak'asan'ny rafitra mpikirakira vaovao ao amin'ny SAC. |

| | |
|---|---|
| ny asa ifandrombonan'ny SAC, STAC sy ireo rafitra mpanara-maso azo ampiharina sy azo antoka | • Manangana fiaraha-miasa amin'ireo vondrona sy mpiara-miasa iraisam-pirenena mba hamantarana ny heloka bevava omanin'ny mpanao ratsy ka mahavoakasika firenena samihafa.<br>• Hampiroboroboana ny fifanakalozam-baovao eo amin'ny samy rafi-pitsarana.<br>• Mampihatra fomba fiasa fandravana tambajotra (fanadihadiana iarahana manantanteraka, fanadihadiahana miafina, fiaraha-miasa amin'ny mpanome vaovao, hetsika miafina / heloka be vava).<br>• Apetraka/ampahafantarina ny fisian'ny rafitra fanaovana tatitra azo antoka.<br>• Manangana rafitra fifampizaràna sy fifanakalozana vaovao azo antoka eo amin'ny mpikambana SAC.<br>• Mametraka rafitra fanaraha-maso miainga amin'ireo tranga atahoarana ho an'ny ny EPNFD (Orinasa na mpisehatra tsy manodim-bola) indrindra ho an'ny famantarana ny olona eo amin'ny sehatry ny harena ankibon'ny tany.<br>• Hampiroboroboana ny fiaraha-miasa mahomby eo amin'ny Brigady iraisana izay misahana ny fandihadiana eo amin'ny MEDD sy ny Vaomieran'ny mitantana ny tahiry, ary ny fampiasana ny angom-baovao momba ny vola entina hanenjehana ireo fandikan-dalàna mifandraika amin'ny CIES.<br>• Hamafisina ny fahaiza-manaon'ireo mpisehatra ao amin'ny LCC amin'ny fanangonana porofo (dingana ara-pitsarana, fampiasana teknika forensic, fijerena ireo antontan-taratasy momba ny porofo). |
| 2.3.3 Ny fahombiazan'ny hetsika, ny fiaraha-miasa, ny fitsipika sy ny fitaovana manampy amin'ny fandravana tambajotra | • Ampiharina ny fomba fanadihadiana mikendry ny fomba fiasan'ny tambajotra miankina amin'ny sehatra voakasika.<br>• Ampiharina ny fepetra hanakanana ny tambajotra amin'ny alàlan'ny fampiasana fitaovana fanaraha-maso ny fampiasam-bola hijerena ireo lehiben'ny tambajotra sy ireo mpisitrika ny tombony.<br>• Alefa mamita iraka ireo vondrona mpanadihady ahitana manam-pahaizana avy amin'ny sehatra samihafa (polisy, mpitsara, mpanamarina ara-bola, manam-pahaizana momba ny IT) mba hanadihady sy handray andraikitra amin'ireo tranga ahitana fahasarotana.<br>• Fantarina ary sakanana ireo rafi-piarovana ara-politika, sosialy na andrim-panjakana izay mamela ny tambajotra hanohy ny asa ratsiny. |

<table>
<tr><td></td><td><ul><li>Atsangana ny rafitra ahafahana mampitandrina mialoha ny fisian’ny raharaham-barotra sy fihetsika mampiahiahy mifandray amin'ny tambajotran'ny kolikoly.</li><li>Antsangana ny sehatra fifampizaràna vaovao haingana eo amin'ny andrim-panjakana ary atao izay hijerena akaiky ny vaovao voaangona mba ho afaka ampiasain’ny hafa amin'ny fomba mahomby.</li></ul></td></tr>
<tr><td colspan="2"> Tanjona stratejika 3 : Hampiroborobo ny kolontsaina mifototra amin’ny fahitsiana ifampizaran’ny rehetra
Ireo vokatra andrasana :<br>3.1 Omen-danja ireo mpisehatra mandala ny fahitsiana ary arovana amin’ny tsindry mety hiseho amin’ny endriny maro samihafa.<br>3.2 Modely fakan-tahaka amin'ny lafiny fahitsiana sy fandraisana andraikitra amin’ny ady amin’ny kolikoly ireo tompon’andraikim-panjakana isan’ambaratongany eo amin’ny sehatra nasionaly, isam-paritra, nentim-paharazana, fiaraha- monina ary ny sehatra tsy miankina<br>3.3 Apetraka ho fomba fiasa fototra eny amin’ny andrim-panjakana, ny asam-panjakana foibe sy any amin’ny faritra, ny rafitra itsinjaram-pahefana sy ny fokontany, ny mangarahara sy ny tamberin’andraikitra </td></tr>
<tr><th>Zana-bokatra</th><th>Asa maika tokony tanterahina</th></tr>
<tr><td>3.1.1 Fitsipika sy fitaovana fampiroboroboana ny fahitsiana ampiasaina amin’ny fomba mahomby eo amin’ny sehatra miankina sy tsy miankina amin’ny fanjakana</td><td><ul><li>Apetraka ny fenitry ny fahitsiana sy fitaovana fampiharana nohavaozina sy nohatsaraina manaraka ny toetr’andro (fitsipika momba ny fitondran-tena, sata mifehy ny fahitsiana), ary apetraka ny rafitra fanaraha-maso, manasazy sy mandrisika handalà ny fahitsiana (toy ny mari-pankasitrahana sy mari-boninahitra, entina hanomezana lanja ny toetra sy fihetsika mendrika, sns.) ho an'ny mpiasam-panjakana.</li><li>Mampihatra lalàna mazava momba ny fifanoherana tombontsoa: famaritana mazava ny foto-kevitra, ny karazana toe-javatra voakasika, ny andraikitra amin'ny fampahafantarana, ary ny fepetra amin'ny fitantanana ny fifanoherana tombontsoa (fanambarana ny fifanoherana tombontsoa, rafitra fitsirihana) ary fanomanana ny sazy mifanaraka amin'izany.</li><li>Mila mametraka hetsika hampiroboroboana ny fahitsiana eo amin'ny sehatra tsy miankina (Fifanarahana momba ny fahitsiana, fitantanana orinasa, hetsika iombonana, fifanakalozan-kevitra eo amin'ny fanjakana sy ny tsy miankina).</li></ul></td></tr>
</table>

| | |
|---|---|
| | • Apetraka ny mari-pankasitrahana/mari-pamantarana momba fahitsiana mba hamantarana sy hanomezana valisoa ireo mpisehatra sy fikambanana misongadina amin'ny fandalàna ny fahitsiana sy ny fanoloran-tenany amin'ny ady amin'ny kolikoly.<br>• Asiana fandaharan'asam-pirenana miresaka fanentanana sy fanabeazana amin'ireo sehatra tena iharan'ny kolikoly.<br>• Asiana fandaharan'asam-pirenana mampiditra ny ady amin'ny kolikoly anatin'ny fandaharam-pianarana any an-tsekoly. |
| 3.1.2 Fitantanana ny asam-panjakana mifototra amin'ny fahamendrehana sy mason-tsivana mazava sy tsy mitanila | • Ampiharina ny mombamomba ny asa sy ireo fepetra tsy mitanila amin'ny fandraisana mpiasa, famindran-toerana, fisondrotana arak'asa, fahafahana mivezivezy, ampidinana grady, ny fanombanana, ny fandroahana ary ampirisihina ny fanapahan-kevitra manendry mpiasam-panjakana amin'ny toerana vaovao.<br>• Tombanana ireo fandraisana andraikitra mahakasika ny fiarovana ny fifaninanana hidirana mpiasam-panjakana ahafahana mampihatra izany amin'ny fifaninana rehetra. |
| 3.1.3 Fepetra fiarovana ny mpitoroka sy ny vavolombelona misy sy azo ampiharina | • Atsangana ny rafitra momban'ny lalàna entina hiarovana ireo mpitoroka, mpisintona laokolosy sy ny vavolombelona anatin'ny fanajana ny maha lahy na ny maha vavy.<br>• Apetraka ny fandaharanasa ho fiarovana hiarovana ireo mpitoroka, mpisintona laokolosy sy ny vavolombelona anatin'ny fanajana ny maha lahy na ny maha vavy.<br>• Ampiana ireo mpiasam-panjakana hanohitra ny fanerena sy ireo karazana fidirana an-tsehatra tsy manara-dalàna amin'ny alàlan'ny fanentanana mahakasika ireo rafitra miahy sy ny miaro ny zon'ireo amin'ireo sehatra iharan'ny kolikoly.<br>• Ampahafantarina ny ny olom-pirenena ny zony, ny lokan'adin'ny fandraisany anjara amin'ny fahitana sy fitorohana ny trangana kolikoly sy valimbotana, ary koa ny rafitra fiarovana misy.<br>• Arovana ireo ny sehatra fanaovana tatitr'ireo tranga momba ny kolikoly amin'ny fitazomana ho tsiambaratelo ireo fitorohana sy ireo olona mitoroka. |
| 3.2.1 Fanasaziana henjana ireo mpanao kolikoly ary | • Hamafisina/ampitomboina ny fanenjehana sy ny fanasaziana ireo tompon'andraikitra ambony voarohirohy amin'ny fanaovana kolikoly sy mitovitovy |

| | |
|---|---|
| fankasitrahana ireo mpisehatra mahitsy voapetraka | amin'izany.<br>• Atsangana ny vondrona miady amin'ny kolikoly eny anivon'ny fiaraha-monina entina iadiana amin'ny kolikoly sy ny fanararaotam-pahefana ary atao anatin'ny rafitra DINA. |
| 3.2.2 Fanendrena mpiasam-panjakana ambony sy fanaovana tomban'ezaka ny fahombiazan'izy ireo mifandray amin'ny fandraisan'andraikitra amin' ny ady amin'ny kolikoly | • Fandaniana fanavaozana ny lalàna mifandraika amin'ny fanendrena mpiasam-panjakana ambony (H.E.E.).<br>• Hamafisina ny fametrahana ho fomba fanao sy ny mahazavadehibe ny fanadihadiana ara-moraly eo amin'ny sehatry ny fanendrena tompon'andraikitra ambony.<br>• Hamafisina ny fahaiza-manao an'ireo tompon'andraikitra ambony amin'ny fitarihana, tandro hasina, ny fitantanana mirona makany amin'ny fandraisan'nandraikitra, ny fandrindrana ny fifanoherana tombontsoa ary ny fanentanana amin'ny fanarahan-dalàna eo anivon'ny sampan-draharaham-panjakana.<br>• Averina jerena ny rafitra fanombanana ny mpiasam-panjakana ambony mba hampiroboroboana ny kolontsain'ny fahombiazana. |
| 3.3.1 Fanamafisana ny fampiasana ny haitao arakajy mirindra hanamorana ny ady amin'ny kolikoly eny amin'ny sampandraharaham-panjakana | • Fametrahana politika momba ny fisokafan'ny angom-baovao mba ahafahan'ny olom-pirenena misitraka izany.<br>• Manangana rafitra fitiliana arakajy mirindra an'ireo an'ny fisandohana sy fampiasana hosoka eo amin'ny sehatry ny fananan-tany sy ny soram-piankohonana.<br>• Hamafisina ny fahaiza-manao ary omena fiofanana ireo tompon'andraikitra misehatra amin'ny fampahalalam-ara- haitao ara-kajy mirindra.<br>• Ampiharina ho fomba fanao ny fanodinana ny fikirakirana ny tranga voaray avy amin'ny fitantanan-draharaha izay mora andairan'ny kolikoly sy eo amin'ny fitsarana.<br>• Afainganina ny fampiharana ny tetik'asa miompana amin'ny haitao arakajy mirindra amin'ny famoahana ny taratasim-panjakana (Diplaoma/ taratasy mifandraika aminy ara-panjakana, fananan-tany, soram-piankohonana). |
| 3.3.2 Fomba fiasa mampiroborobo ny tamberin'andraikitra voapetraka (rafitra itsinjaram- | • Hazavaina ny tena andraikitry ny Fanjakana, ny sampan-draharaha ara-teknika itsinjaram-pahefana ary ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana (CTD) amin'ny alàlan'ny fampivondronana |

| | |
|---|---|
| pahefana, fitantanana ny volampanjakana, fitantanandraharaha sy andrimpanjakana) | ireo lalàna mifanaraka amin'izay sy ny sata mifehy ny andraikitr'izy ireo tsirairay avy.<br>• Hamafisina ny rafitra fanarahana maso sy fijerena ireo tamberin'andraikitry ny CTD, indrindra ny fahombiazana amin'ny fanarahan-dalàna.<br>• Atsangana ny rafitra fanaovana tatitra mahomby, fanaraha-maso anatiny ary fanaraha-maso ireo tolo-kevitra navoakan'ny sampan-draharaha misahana ny fitantanam-bolam-panjakana, ny andrim-panjakana ambony misahana ny fanaraha-maso sy ny mpiandraikitra ny tsenam-baro-panjakana (ARMP, Vaomieram-pirenena sy regionaly momban'ny tsenam-barotra). |
| 3.3.3 Fisitrahana vaovao ara-panjakana azo antoka | • Mandany rafitra ara-dalàna mifandraika amin'ny fahazoa-mamantatra ny raharaham-panjakana mifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena.<br>• Fanaovana ara-kajy mirindra ny gazety ofisialy.<br>• Apetraka ny hetsika fanaraha-maso ataon'ny olom-pirenena.<br>• Apetraka ny fenitra amin'ny fomba fiasa (CTD/sehatra fanabeazana sy fahasalamana).<br>• Amporisihina ny fandraisana fanapahan-kevitra ara-pitantanana eny anivon'ny ambaratonga rehetra ary ampahafantarina ho fantatry ny daholobe izany izany fanapahan-kevitra izany.<br>• Hamafisin'ny fitsarana ambony ny fanaraha-maso ny fanapahan-kevitry ny fitsarana ambaratonga ambany. |

**Tanjona Stratejika 1 : Ho foana ny tsimatimanota**

1.1 Omena sazy henjana ireo mpanao kolikoly sy ny heloka mitovy aminy ary ireo mpanao valibotana.

- Ny tahan'ny olona voaheloka raha oharina amin'ireo olona nenjehina sy notsaraina.
- Isan'ny lesoka amin'ny lafiny lalàna sy eny anivon'ny andrim-panjakana hita sy voahitsy ka tafiditra anatin'ny ady amin'ny kolikoly (mifandray amin'ny fanarahan-dalàna – fahombiazana).
- Ny tahan'ny fanamelohana ataon'ny fitsarana misahana ny ady amin'ny kolikoly (MNC, REP-11).
- Isan'ny rahaharavalimbotana vokatry ny fitorohana ary voasazy.

1.2 Fantarina ireo harena azo amin'ny tsy ara-dalàna ary giazana amin'ny fomba mahomby.

- Isan'ny fepetra noraisina mba hampirindra ny rafitra ara-dalàna sy andrim-panjakana misahana ny famerenana amin'ny fanjakana ny Harena azo amin'ny tsy ara-dalana.
- Isan'ny fanadihadiana momba ny fananana.
- Isan'ny fanapahan-kevitra miroso makany amin'ny fanagiazana.
- Isan'ny lesoka amin'ny lafina lalàna sy eny anivon'ny andrim-panjakana misahana ny famerenana amin'ny fanjakana ny Harena azo amin'ny tsy ara-dalana nohatsaraina.
- Ny isan-jaton'ny fahazoana harena amin'ny tsy ara-drariny nivoitra tamin'ny fanadihadiana manokana sy mahakasika ny fananana.
- Isan'ny fanapahan-kevitra momba ny fanagiazana nambaran'ny mpitsara.
- Ny tahan'ny vola azo tamin'ny famerenana amin'ny fanjakana ireo Harena azo tamin'ny tsy ara-dalana / Tahan'ny vola voarohirohy anaty resaka kolikoly.
- Politika famaizana mahakasika ny famerenana amin'ny fanjakana ny Harena azo amin'ny tsy ara-dalana voavolavola.

1.3 Esorina ireo sakana manome vahana ny tsimatimanota amin'ny raharaha kolikoly.

- Isan'ny fepetra araka ny lalàna sy fitsipika mifehy entina manazava ny resaka.
- tsimatimanota sy fahazoana tombontsoa, fanomezan-dàlana ary didy fanenjehana.
- Isan'ny fanomezan-dàlana sy didy fanenjehana nomena.
- Isan'ny fanavaozan-dalàna noraisina.
- Taha itarafanan'ny tompon'andraikitra ambony tsimatimanota (MNC, EGL-1-).
- Taha itarafana ny olona tsotra tsimatimanota (MNC, EGL-2).
- Taha itarafana tsy fitovian-jo eo anatrehan'nylalanà (MNC, EGL-3).
- Isan'ny tatitra nataon'ny fiarahamonim-pirenena mikasika ny sokajin'ny tompon'andraiki-panjakana misitraka tombontsoa manokana.
- Isan'ny hetsika nataon'ny OSC momba ny trangana kolikoly mahasaringotra olona misitraka tombontsoa manokana.

**Tanjona Stratejika 2 : Hamporisihina ny fomba fiasa mampandray andraikitra ny rehetra, ny fandrindrana ny fiaraha-miasa ary ny fiaraha-mientana amin'ny ady amin'ny kolikoly**

2.1 Tambajotran'ny mpisehatra mahitsy sy madio misandratra sy mpisehatra amin'ny ady amin'ny kolikoly ny tontolo iainana mirindra, ahitana ny STAC sy ny rafitra mpanaramaso.

- Isan'ireo vondrona fototra efa mafy orina mihetsika ho an'ny fampiharana ny SNLCC.

- Isan’ireo vondron-kery miady amin’ny kolikoly sy vondron’ny tambajontran’ny fahamarinana sy ny fahitsiana mandray anjara miaraka amin’ny fampiroboroboroana ny ady amin’ny kolikoly.
- Isan’ireo vondrona niforona misehatra amin’ny lohahevitra manokana.
- Isan'ny hetsika fanentanana natao.
- Isan'ny tranganà kolikoly voaray tamin’ny alalan’ny fitorohana nataon’ny fiarahamonina sy ireo vondrona fototra misehatra amin’ny ady amin’ny kolikoly efa mafy orina.
- Ny tahan’ ny fahatokisan'ireo vondrona fototra misehatra amin’ny ady amin’ny kolikoly efa mafy orina (Mamoaka Maridrefy Itarafana izany isan-taona).
- Ny tahan’ny fitokisan’ireo vondrona fototra misehatra amin’ny ady amin’ny kolikoly efa mafy orina.

**2.2 Manana ireo fitaovana ampy hoentina miasa ny SAC sy ny STAC, sady manatanteraka ny asany amin’ny fomba mirindra no mifanarakevitra amin’ny rafitra mpanara-maso.**

- Ny tahan'ny filàna efa napetraka sy ny teti-bola natokana ho an'ny SAC, STAC ary ny rafitra mpanara-maso.
- Isan'ny tranga noraisana an-tanana niainga tamin’ny fandrindrana mahomby teo anivon’ny SAC, STAC ary ny rafitra mpanara-maso.
- Ampahany amin'ny tetibola miasa entina hanatanterahana ny drafitra asa isan-taona an'ny SAC, STAC ary ny rafitra mpanara-maso.

- Ny tahan'ny ireo rafitra isan-tsokajiny miady amin'ny kolikoly.
- Isan'ny STAC manana SOA.
- Fandrefesan’ny olom-pirenena ny haavon'nyfandrindrana eo anivon’ny SAC, STAC, sy ny rafitra mpanara-maso anatiny.
- Isan'ny hetsika karakaraina sy iarahana eo anivon’ny SAC.

**2.3 Ravaina ny tambajotran’ny kolikoly amin’ireo :**
**a) sehatra 7 natao ho laharampahamehana : fitsarana, fahasalamana, fanabeazana, fiarovana, fitantanana ny tany, fitantanana ny volam-panjakana, tanora sy fanatanjahantena**
**b) zotram-pihariana stratejika fito : fanondranana an-tsokosoko ireo biby sy zava-boaharyvoaaro, volamena, safira, lavanila, jirofo sy ny jono ary ny harena an-dranomasina**

- Isan'ny tambajotra rava isan-tsehatra sy zotram-pihariana.

- Isan'ny sarintany mampiseho ireo tambajotran'ireo olona mety manao kolikoly sy ny famakafakana ny ireo olana mety hitranga iarahan'ny SAC sy ny ministera voakasika, misalaha.
- Isan'ny rafitra fampahalalana vaovao eny anivon’ny SAC afaka miaraka miasa.
- Fangaraharan'ny fitantanana orinasa – Fisitrihan’ireo orinasa mpapiasava vola sy mpampindra ara-bola ary manam-pahefana, vaovao farany sy marina mahakasika ny fitantanana orinasa.

### Tanjona stratejika 3 : Hampiroborobo ny kolontsaina mifototra amin’ny fahitsiana ifampizaran’ny rehetra

**3.1 Omen-danja ireo mpisehatra mandala ny fahitsiana ary arovana amin’ny tsindry mety hiseho amin’ny endriny maro samihafa.**

- Fifandanjan’ny orinasa lehibe sy salantsalany mampihatra ny fanarahan-dalàna sy ny fahitsiana (SF, B7.2 novaina).

| |
|---|
| • Fifandanjan’ny andrim-panjakana mampihatra ny fitsipika momba ny fifanoherana tombontsoa.<br>• Isan'ny hetsika iombonana natao.<br>• Ny tahan'ny fanarahan-dalàna ataon'ireo mpitantana ambony mifandraika amin’ny fifanarahana mahakasika ny fifanoherana amin'ny tombontsoa.<br>• Isan’ny tompon’andraiki-panjakana ambony sy mpiasam-panjakana noaraisana mifanaraka amin’ny asa misy.<br>• Ny maridrefy ny fahitsiana amin’ny fizotry ny fandraisana mpiasa.<br>• Ny Fangaraharan’ny fizotry ny fandraisana mpiasa / fanaovana fanadihadihana mialohan’ny andraisana azy, ny fanomezana fisondrontana arak’asa, ny fisodroana ronono sy fandroahanana, ary koa mari-karama, azon'ny besinimaro sitrahina (SF, b.1.7).<br>• Isan'ny mpitoroka nahazo fiarovana avy amin'ny sampana na manampahefana mifanaraka amin'izany (SF, C.3.7). |
| 3.2 Modely fakantahaka amin’ny lafiny fahitsiana sy fandraisana andraikitra amin’ny ady amin’ny kolikoly ireo tompon’andraikimpanjakana isan’ambaratongany eo amin’ny sehatra nasionaly, isam-paritra, nentim-paharazana, fiaraha-monina ary ny sehatra tsy miankina. |
| • Ny tahan’ny fahombiazan'ny tompon’andraiki-panjakana ambony mifandraika amin'ny fandraisana andraikitra.<br>• Ny isan’ny fitarainana voaray sy mitombina eny anivon’ny vondrona miady amin'ny kolikoly eny ifotony sy ny isan'ny fanenjehana navoaka.<br>• Isan’ny mpitsara na mpiasam-panjakana nanao fangatahana an-tsitrapo tsy hiandraikitra na hisahana tranga iray<br>• Isan'ny fandroahana na fanamby an-tsitrapo ataon'ny mpitsara na tompon'andraiki-panjakana.<br>• Isan'ny valisoa (Fankasitrahana) nomena ny mpiasam-panjakana mandala ny fahitsiana.<br>• Ny tahan'ny sazy nohon’ny fanaovana kolikoly avoakan’nyFilankevitry ny fitsipi-pifehezana (MNC FOP-3).<br>• Tahan’ny fitarainana momba ny fanararaotana nahazoam-bahaolana mahafa-po.<br>• Isan'ny fanadihadiana ara-moraly. |
| 3.3 Apetraka ho fomba fiasa fototra eny amin’ny andrimpanjakana, ny asam-panjakana foibe sy any amin’ny faritra, ny rafitra itsinjaram-pahefana sy ny fokontany, ny mangarahara sy ny tamberin’andraikitra. |
| • Isan'ny fitantanan-draharaham-panjakana nampihatra politika momba ny fisokafan’ny angom-baovao.<br>• Isan'ny fanapahan-kevitra ara-pitantanana sy ara-pitsarana.<br>• Tahan’ny fiasan’ny andrim-panjakana an’habaka (SF, a.1.5).<br>• Tahan’ny fangaraharana ara-bola (MNC-TRR-1).<br>• Maridrefy ny fomba fitantanana eny ifotony (LGI).<br>• Ny fisian'ny rafitra ara-dalàna miantoka ny fahazoan’ny vahoaka misitraka vaovao.<br>• Isan'ny angom-baovao sy toro azon'ny besinimaro jerena. |

Mitaky ny fiaraha-miasan'ny mpisehatra rehetra ny fanatanterahana ny Paikadim-pirenena iadiana amin'ny kolikoly izay mandala fomba fiasa mifototra amin'ny fitsinjarana isan- tsehatra sy isan-tsampana. Tsy ny rafitra miady amin'ny kolikoly irery ihany no voakasika hanatanteraka izany fa ao koa ny ministera isan-tsokajiny, ny sehatra tsy miankina ary ny fiarahamonim-pirenena. Ny tanjona dia ny fanatanterahana arak'izay tandrifin'ny tsirairay avy, ireo asa voarakitra ao anatin'ny drafi-panatanterahana sy hitady ireo tsy fietezana mety hanakana izany. Hisy fanaraha-maso tsy tapaka miaraka amin'ny fanangonam-baovao ahafahana manao ny tomban'ezaky ny asa vita ao anatin'ny drafi-panatanterahana ny Paikadim-pirenena iadiana amin'ny kolikoly.

Misy **lamina ny fanatanterahana ny SNLCC, ka ny Komity Mitandro ny Fahitsiana (CSI) no hiara-iandraikitra izany.** Izy ireo ihany koa no hanao ny fankatoavana ny drafitrasa atao isan-taona ary hanolotra fepetra fanitsiana raha ilaina. Zava-dehibe ny fananana olona mahay, fitaovana ampy sy enti-manana ara-bola ahafahana miantoka ny fahombiazan'ity Paikadim-pirenena ity. Izany dia mitaky teti-bola ampy ho an'ny sehatra tsirairay isan-tsokajiny. Ny CSI no tompon'andraikitra ny fandinihana, ny fankatoavana ary ny famoahana tatitra momba ny fanatanterahana, ny fanaraha-maso ary ny fanaovana ny tomban'ezaky ny SNLCC. Hifototra amin'ny fitambarana tondro, ahafahana manombana ny zava-bita anatin'ny fotoana voatondro mifandraika amin'ny drafi-panatanterahana ny SNLCC, ny fizotran'ny fanaovana ny tomban'ezaka.

**Voakasik'izany ny fananganana vaomiera madinika isaky ny tanjona stratejika** ary koa ny isan'ny vondrona mpiasa ilaina, indrindra ho an'ny hetsika ifarimbonana manodidina ny sehatra 7 laharam-pahamehana sy ny sampana stratejika 7 tsirairay avy.

Ny komity mpitarika ny famolavolana ny SNLCC dia hotohanan'ny **sekretera teknika**.

Zava-dehibe ny fampivondronana loharanon'olombelona, fitaovana ary ara-bola mifanaraka amin'ny filàna mba hiantohana ny fahombiazan'ity tetikady ity. Mitaky fandrafetana teti-bola mifanaraka amin'izany ao anatin'ny teti-bolan'ny andrim-panjakana tsirairay tafiditra amin'izany izany.

Ny CSI no ho tompon'andraikitra amin'ny fanadihadiana, ny fankatoavana ary ny famoahana ireo tatitra isan-taona mikasika ny fanatanterahana, ny fanaraha-maso ary ny fanombanana ny SNLCC. Ny dingan'ny fanaraha-maso sy fanombanana dia hiorina amin'ny andiana mari-pamantarana ahafahana mandrefy ny zava-bita mifanaraka amin'ny drafitra fanatanterahana, ao anatin'ny fe-potoana voafaritra.

**Ny drafitra fanatanterahana dia hanohana amin'ny alalan'ny rafitra fanaraha-maso sy fanombanana mifanaraka amin'izany,** mba ahafahana mamantatra ny fahombiazan'ny tetikady sy ny drafitr'asa, ao anatin'ny rafitra fanondroana. Hisy tatitra isan-taona momba ny fandrosoan'ny fanatanterahana hatolotra ny manampahefana ary havoaka ho an'ny daholobe.

## FISAORANA

Ny Komity Mpitarika ny famolavolana ny Paikaim-pirenena ladiana amin'ny kolikoly dia maneho fisaorana feno ho an'ireo mpiara-miombon'antoka iraisam-pirenena noho ny fanohanan'izy ireo tamin'ny dingan'ny fanombanana sy ny fanatontosana ny SNLCC.

Ny PNUD no mpiara-miombon'antoka voalohany tamin'ny fanatontosana ny SNLCC, niaraka tamin'ny fanohanan'ny OIF, ny Masoivoho Frantsay, ny ONUDC, ny UNHCR, ny SNU, ny USAID ary ny Institut de Bâle.




Tantsoroka ara-bola tamin'ny fanantontana:

**PAIKADIM-PIRENENA IADIANA AMIN'NY KOLIKOLY**

SNLCC 2025 - 2030

